
# ALAHADY FAHA- 15 MANDAVANTAONA- TAONA B



*« NOFIDIN'ANDRIAMANITRA ISIKA MBA HIRAHINY"*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady tsotra faha-14 mandavantaona lasa teo isika nibanjina an'i Jesoa teo anivon'ny mpiray tanindrazana aminy kanefa tsy nahay nandray azy izy ireo na dia nitolagaga aza tamin'ny fahaizany niteny ka nahatonga an'i Kristy nanambara fa tsy misy mpaminany tsy henin-kaja hafa tsy amin'ny taniny sy ny fianakaviany ihany. Araka ny voalazan'ny Evanjely ao amin'i Md Marka dia tsy nanao famantarana firy i Jesoa tamin'ny tanindrazany. Izany zava-niseho tamin'i Jesoa izany dia mety mitranga koa amin'ny fiainantsika andavanandro ka mahatonga antsika madini-tena fa na dia maro aza ny fanenjehana sy fanaratsiana dia tsy maintsy mijoro ho vavolombelona isika, mijoro ho EOV fa indrindra amin'izao andro sarotra diavintsika izao noho ity KORONTANAVIRUS ity.

Mitodika any Tsiroamandidy ny Eglizy eto Madagasikara. Any Tsiroanimandidy tokoa amin'ity Alahady 11 Jolay ity izay andro ahatsiarovana an'I Md Dominique Mpanorina Fikambanana no hanamasinana ho Eveka an'I P Gabriel. Mahazo Eveka ny diosezin'I Tsiroamandidy rehefa niandry ny Mpiandry ondry nandritra ny taona maromaro. Manantena isika fa tsy ho ela koa ireo diosezy tsy mbola manana eveka ary indrisy aty ela amin'ny Prôvensy eklesiastika avaratra no diosezy kamboty. Manentana antsika hanao vavaka totoafo mba ho tendren'I Papa tsy ho ireo eveka ireo.

**Vakiteny I :** Amôs. 7, 12-15
**Tononkira :** Salamo 61
**Vakiteny II :** Efez. 1, 3-14
**Evanjely :** Mk. 6, 7-13

Alahady lehibe koa ho antsika eto amin'ny diosezy ity Alahady faha-15 mandavantaona ity satria alahady hidiran'ireo pretrantsika amin'ny laretirety. Vanim-potoana lehibe amin'ny fiainana ny laretirety satria fotoana hanovozana herinm-panahy vaovao hirosoana amin'ny

lalidalina kokoa, hanaovana ny “départ vaovao”. Miavaka ity laretirety 2021 ity satria hitondra amin’ny Pantekoty vaovao izay hirosoantsika Tolagna eto amin’ny diosezy amin’ny sinaody. Fantatsika fa ny pretra no loha ho antsika, noho izany izy ireo no mandinika izay rehetra ataontsika. Tsy misy dikany anefa ny dinika aroson’izy ireo raha tsy eo isika apostoly lahika, isika no fo mitempo, angovo manosika ny eglizy hiroso torak’izany koa ny voatokana satria izy ireo no avokavoka manome rivotra mamelona ny ezaka rehetra ataontsika.

Mifanaraka tsara amin’ny ventin-kevitra aroson’ny Eglizy amin’izao Alahady faha-15 izao izany rehetra tanisaintsika izany : “Nofidin’Andriamanitra isika mba hirahiny”. Izay tokoa nofidin’Andriamanitra I P Gabriel ka irahiny ho Evekan’I Tsiroanimandidy. Nofidin’ireo izay hohamasinina diakra sy pretra ka irahiny eto amin’ny diosezintsika hanampy antsika hiatrika izao andro sarotra. Nofidina ireo Pretra manao laretirety ka irahina hamokatra eo amin’ny seha-piainana hanirahana azy ireo. Nofidina isika EOV ka irahiny hiatrika izao sinaody izao. Raha atao amin’ny fivolagnantsika mahazatra dia : “EOV MISIONERA ISIKA VITA BATEMY KA IRAHINA KA ZARY TABERNAKLA VELONA”.

Nofidin’Andriamanitra isika fa indrindra amin’izao fotoan-tsarotra iainantsika izao. Izany hoe amin’izao vanim-potoana iadiantsika amin’ny KORONTANAVIRUS. Aza manonofy isika fa mbola misy ity fahavalo tsy hita maso ity, ity demony ity ka mitady izay harapany. Ao anatin’izany no mila antsika Andriamanitra mba hirahiny hamboly tontolom-pinoana ka hivelaran’izany finoana izany eo amin’ny fiainantsika ka hahatonga antsika ho génération mpanorina tokoa indrindra amin’izao isika miara-miroso amin’ny sinaody izao. Mino aho fa tadidintsika tsara fa rehefa miresaka finoana, miresaka vavaka dia milaza mandrakariva aho hoe : “*tandremo sao diso hevitra isika*”. Marina mila an’Andriamanitra isika rehefa mivavaka fa tena marina mila antsika Andriamanitra mba ho afaka miasa Izy amin’ny alalantsika ka raha mitoetra ao amintsika Andriamanitra dia izy no miasa, izany hoe manao ny asan’Andriamanitra isika dia Izy no manao ny asantsika.

Tsy misy kisendrasendra tokoa ao amin’Andriamanitra satria ireo vakiteny telo androany dia tena manambara ny maha iraka antsika, maha EOV MISIONERA antsika.

Ao amin’ny vakiteny voalohany mitantara ny fiantsoan’Andriamanitra an’i Amaosy izay nilaza fa tsy natao ho mpaminany izy satria mpiandry ondry no asany ary tsy manana talenta hanatanteraka an’izany izy, “*Tsy mba Mpaminany aho na zanaky ny Mpaminany; fa mpiandry omby sy mpamboly aviavy”* kanefa izy no nofidin’Andriamanitra. Toy izany koa isika eo ampanombohana an’izao sinaody izao. Mihevitra isika fa sarotra izao dingana tiana atao izao. Mety manakorontana zavatra maro ka toa izay zava-tsoa no vokatra kendrena mety hanakorontana. Mavozo isika. Asa loha ho antsika izany Tsaroana ny teny nataon’I Papa François tamin’ny Pantekoty 2018 : «*Raha mandalo vanim-potoana sarotra ny fiainan’ny Eglizintsika ka mitarika antsika hisafidy ilay fiainana milamina any an-trano toa izay ny fihavaozana atolotr’Andriamanitra dia tsarovy fa famantarana manambara zava-dratsy izany. Mitory izany fa mialokaloka mitady hanohitra ny rivotra entin’ny Fanahy Masina isika. Raha mitady hivelona amin’ny fomba mahazatra tsy te-hiova ary tsy miezaka handeha any amin’ireo izay lavitra fa mifikitra amin’ny hevitra lomorina dia fantaro fa fambara ratsy izay. Mitsoka ny Fanahy Masina saingy isika matevin-koditra. Imbetsaka anefa isika no mahita ny asa mahagaga ataon’ny Fanahy Masina eo amin’ny fiainana. Matetika mandritra ireny fotoana maloka ireny indrindra Izy no mampiseho fahamasinana*

*mamirapiratra, mamelona mandrakariva ny fanantenana ka mameno hafaliana ny fo, mandonaka zava-baovao sy mampitsimoka izay nafafy ho fiainam-baovao* .

Maniry hanao dingana vaovao isika satria isika no misionera amin'izao fotoana izao, isika no tsy maintsy hirahina hanorina Eglizy Olona Velona, Eglizy Tranon'Andriamanitra tahaka an'i Amaosy, isika no mpaminany. Ny dikan'ny mpaminany tsy hoe mahatsinjo ny hoavy, marina mety ho izany tokoa fa ny maha-mpaminany indrindra dia izy manambara ny sitrak'Andriamanitra. Raha tena marina velona ny finoantsika raha miasa ao amintsika Andriamanitra ary raha Andriamanitra no miasa ao amintsika dia lavorary ny ataontsika satria mifanaraka amin'ny sitrapony. Izany no famonjena. Tokana ny tanjona tia antsika ho tratrarina amin'izao sinaoda izao hiaraka hikatsaka ny sitrak'Andriamanitra isika, hivavaka sy handalina ny finoantsika ka hiaraka hahalala ny sitrak'Andriamanitra maniraka antsika isika tahaka an'i Amaosy amin'izay afaka hiaina ny maha génération mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona velona antsika. Ny tanjony dia ny hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Tsy ho tanteraka izany raha tsy mitoetra ao amin'i Jesoa isika ary hitoeran'i Jesoa koa satria isika manorina dia te-hamokatra tsara mba ho feno ny hafaliantsika. Izany no halalinintsika amin'izao Alahady faha-15 izao.

I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa kosa amin'ny taratasiny ho an'ny Efezianina dia manambara amintsika fa hatramin'ny naharian'izao tontolo izao Andriamanitra dia efa nifidy antsika ho Olo Araiky ao Aminy *"mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany isika"*, fanorenana Eglizy fianakavian'Andriamanitra izany ary irintsika ny fianakaviantsika tsirairay mba ho Eglizy tokoa itoeran'Andriamanitra ka hahalalantsika ny sitrak'Andriamanitra.

Amin'ny alalany sy ao aminy ary miaraka Aminy no anorenantsika ny fiainantsika ka hirosoantsika ho FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY hahatonga antsika ho fianakaviamben'Andriamanitra. Izany no hahafahantsika hitondra an'I Kristy eo amin'ny mpiara-belona ka hanova an'izao zava-misy tsy araky ny sitrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika izao, eo anivon'ny fiaraha-monina. Maro ny zavatra mahakivy antsika ka isika Kristianina no manana adidy satria irahin'i Kristy isika tahaka ny voalaza ao amin'ny Evanjely, tsy hoe tsiroaroa fotsiny fa isika rehetra. Tsy vita tokoa izany raha mitokantokana isika. Mila mitambatra isika. Izany no mahasarobidy ny tsy maintsy miainga amin'ny fototra rehetra fa vao tena misy vokany. Mba hiombonana ny ezaka rehetra atao dia miara-manao sinaoda isika araka ny maha Olo Araiky antsika jiaby.

Aoka tokoa hazava ny dikan'ny tsiroaroa voalaza eto tsy hoe hifampitsikilo fa manambara ny fiaraha-miasa, ny fiombonana amin'izany fitoriana izany mba hanova ny zava-misy ratsy iainantsika. Izany no fanorenana, tsy amin'ny alalan'ny fanapotehana na fanilikilihana na fanaratsiana fa amin'ny alalan'ny fanaovana ny soa. Io ilay dinihintsika amin'izao ao amin'ny Annexe 3 : eglizy kely mifampitsimbina, mifanasoa ao anatin'ny fahamarinana ka mikatsaka ny soa iombonana. Tsy tanteraka ireo raha tsy vonona hahafoy, hanompo isika. Izany ny antom-pisian'ny fikambanana masina, firohotana, vondrom-bavaka, vaomieran'asa maniraka antsika hirotsaka sy hikatroka ary hanompo izy ireny fa tsy fisehoana ity ivelany fotsiny sanatria. Izany no tian'i Kristy ambara amintsika amin'ny fanirahana tsiroaroa voalaza tamin'ny Evanjely. Ireo rehetra ireo no mahatonga antsika manao sinaody mba handrindra azy tsara ka tena ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA isika. Aoka ho

henointsika ny Evanjely : Ary hoy koa izy tamin'izy ireo: *"Ka naniraka azy tsiroaroa, sy nanome fahefana azy handroaka ny fanahy maloto……Na aiza na aiza alehanareo, dia mitoera amin'izay trano hidiranareo ambara-pialanareo. Ary raha misy tsy mampiantrano na tsy mihaino anareo, dia mialà ao ka ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo ho fiampangana azy".* Tsy fanilikilihana izany fa fanajana azy ireo, tsy hoe fanaratsiana raha manao an'izany fa hanambarana fa tsy nandray izy ireo ka ny tsiny ho azy ireo tsy nanatanteraka ny adidy. Tsy maintsy manorina isika io ilay ambaran'i Md Paoly hoe "*Mitoria na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana*", ambaran'i Jesoa ny fomba fitoriana.

Azo lazaina fa tena torolalana manampy antsika amin'ny dinika amin'ny sinaody ireo vakiteny amin'izao Alahady faha-15 taona mandavantaona izao . Ny tanjon'ny sinaody dia hanampy antsika hampivahatra bebe kokoa ny finoantsika ka hahatonga an'Andriamanitra hiasa amin'ny alalantsika. Raha Andriamanitra no miasa dia miova ny fiainantsika satria mivelona ny sitrak'Andriamanitra isika.

Hatramin'ny fomba entintska hivelona ny maha EOV MISIONERA ANTSIKA aza dia voalazan'I Jesoa eto. Raha fintinina, raha maniry ho tena ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA isika dia aoka ho fantatsika fa ny tena manandanja indrindra amin'ny ho entina mitory dia I Kristy, Izy no fitaovana voalohany, Izy notorina ary Izy no tanjon'ny fitoriana, aza mitondra na inona na inona eny an-dàlana, tsy mitondra na inona na inona raha tsy i Kristy. Tsy hery famoretana ny fitoriana ny Vaovao mahafaly, fampandrian-tany no mamafy fiadanana sy fandriam-pahalemana, tsy fanerena olona hanaraka firehan-kevitra fa fanambarana fitiavana, fanambarana Vaovao mahafaly, fanambarana fanantenana sy fanorenana fianakavian'Andriamanitra dia fanorenana Eglizy Olona Velona, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ka tsy ilana fitaovana hafa ankoatran'i Kristy Vaovao mahafaly. Izany no ambaran'i Kristy amintsika. Izy koa izany no fitaovana tsy maintsy entintsika andalinana izao amin'izao sinaody.

Mba iza tokoa moa i Kristy ho antsika ? Mipetraka amintsika koa amin'izao ny fanontanian'i Kristy tahaka ny nametrahany I Jesoa tamin'ireo Apostôly. Iza i Kristy ho antsika amin'izao taonjato iainantsika izao, amin'izao vanim-potoana atrehintsika an'ity KORONTANAVIRUS ity, amin'izao hirosoantsika amin'ny sinaody eto amin'ny arsidiosezy izao… Tsara ihany koa ny mametraka ny fanontaniana : fitaovana inona no entintsika mitory an'i Kristy ? *"Ary noraràny tsy hitondra na inona na inona eny an-dalana izy ireo na kitapo, na mofo, na farantsa kely varahina amin'ny fehikibony, afa-tsy tehina ihany, fa ny tongotra no asiana kapa, ary tsy mitondra akanjo roa".* Raha fintinina dia Izy irery ihany no tiany itokisana.

Izany no mahatonga antsika eto amin'ny diosezy milaza hoe *tsy isika fa ny fahasovan'Andriamanitra miaraka amintsika*. Izany no entintsika eny an-dàlana amin'ny fitoriantsika ny Vaovao mahafaly eny amin'ny toerana lalovantsika. Nanambara koa i Jesoa hoe aza gaga isika raha tsy misy mandray satria tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao no entintsika mitory ny fitiavan'I Kristy. Ny an'izao tontolo izao izay mivahatra amin'ny fanangonana, fandresena lahatra, ny antsika kosa manolotra fanantenana, fifankatiavana ary izany no entina hanorenana ny hoavy.

Hafatra fanaontsika matetika ny hoe niany ny hoavy fa tsy amaray fa indrindra ho an'ny tanora. Na dia eo aza ny fifandraisana mety manahirana dia matoky ny fahasoavan'Andriamanitra isika ary mitory ny fibebahana. Raha tiantsika tokoa ny fihavaozana sy ny fanavaozana, raha te hanavao isika ka handamina sy hanatsara ny

fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy amin'ny samy olombelona ary amin'ny voaary dia aoka isika tsy hifanaratsy fa hifanao soa. Izany no ambaran'i Jesoa amin'ny Evanjely raha niantso amin'ny fibebahana izy. Izany koa no anjaran'ny mpitory eo amin'ny fiainany andavanandro. Raha te hanao "départ vaovao" tokoa isika. Maniry Pantekoty vaovao vokatr'izao sinaoda izao dia aoka ho tsapantsika tsara fa ny fiainantsika izany no hitarika ny olona hihavao, hiala amin'ny toetra mifanaratsy, mifampialona, miavonavona, ny fitiavan-tena izay mitondra amin'ny fanilikilihana sy fanapotehana amin'ny ny hafa.

Ry Jesoa Tompônay ô, mitaky finoana lalina sy fitiavana tsy resin'ny ratsy ny fijoroana ho vavolombelonao. Maniry hanao sinaody tokoa izahay izao ka ampio mba ho araka ny sitrapony tokoa hahaizanay manitra ny fanjakanao tokoa, hahay hitory ny Vaovao Mahafaly ary indrindra hampijoro ny tontolom-pinoana sy hamboly azy ka hahatonga anay tokoa ho tena génération mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra (ETA) dia ny tranonao ary hanorina Eglizy Olona Velona (EOV) eo anivon'ny fiainanay andavanandro. Ho zary génération macarios izahay hiadam-pinaritra ao aminao.

Ry Jesoa Tompo ankininay aminay ireo manomboka ny laretirety . Enga anie hitsilovin'ny Fanahy Masina izy ireo ka ho Senakla izao laretirety izao ka hiaraka hivavaka izy ireo, hiaraka handini-tena ka ho folan-kevitra hiroso hivelona ny maha mpiandry ondry azy ireo/ Ho vonona hikarakara ny ondry dia ny Eglizy EOV, hahatonga ny tolagna araky ny adidy apetraka amin'ny tsirairay, ka izao sinaoda izao anie hanampy ny EOV rehetra handinika ny maha Eglizy, maha Misionera, maha Tabernakla entina hanitarana ny Fanjakan'Andriamanitra hanorenana ny Fianakaviamben'Andriamanitra, hanorenana FRATELLI TUTTI, fanorenana ny OLO ARAIKY IZAHAY JIABY..

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay hahay handray ny hafatrao ka hahay hampita azy amin'ireo mpiara-belona aminay ka tsy ho hisy intsony ireo voahilikilika ka tsy hanosi-bohi-tanana na iza na iza izahay fa ho fianakaviana iray ao aminao, ho Olo Araiky aminao. Masina Maria ankininay aminao Renin'ny Pretra ireo pretra manao laretirety, ireo hamasinana pretra sy diakra. Md Josefa Ianao no Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany mivavahà mba hibebaka izahay ka zary, Baba manompo mifanasoa eo amin'ny toerana misy anirahana anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson